# Izahay namoaka Zakatol-Fitr tamin'ny fotoana nahateo an'ny Mpaminany (S.A.W) ka voadidy hamoaka izany avokoa ny zaza sy ny olon-dehibe, olona tsotra na andevo, swaa amin'ny sakafo na swaa amin'ny varim_bazaha na swaa amin'ny voaloboka na swaa amin'ny atrendry

Tatitra azo avy amin'i Abo Said Al-Khodri (R.A) niteny izy : Izahay namoaka Zakatol-Fitr tamin'ny fotoana nahateo an'ny Mpaminany (S.A.W) ka voadidy hamoaka izany avokoa ny zaza sy ny olon-dehibe, olona tsotra na andevo, swaa amin'ny sakafo na swaa amin'ny varim_bazaha na swaa amin'ny voaloboka na swaa amin'ny atrendry, ka tsy nijanona namoaka izany izahay mandram-pahatongavan'i Moawiyah bin Abi Sofyan (R.A) nanao Hajj na Omra teo aminay, ka niresaka tamin'ny olona teo amin'ny polipitra izy, ary tamin'ny fotoana niresahany tamin'ny olona no nilazany hoe : "Izaho mahita fa ny felatànana roa amin'ireo olona any samra Shami mitovy saa amin'ny atrendry, dia nanaraka izany ny olona. Dia hoy i Abo Sa'id : Fa izaho kosa dia mijanona mamoaka izany tahaky ny namoahako azy teo aloha raha mbola miaina eto an-tany".

[Mari-pototra] [Notantarain'i Bokhari sy Moslim]

Ny mpino silamo teo aloha dia namoaka ny Zakatoul-Fitr tamin'ny andron'ny Mpaminany sy ny andron'ny Kalifa taoriany, amin'ny tanora sy ny antitra fatran'ny swaa amin'ny sakafo. Ary ny sakafon'izy ireo dia vary sy voaloboka : voaloboka maina, ary aqt: ronono maina sy atrendry. Ny habetsahan'ny saa dia efatra Modd, ary ny modd dia mitovy amin'ny fahafenoan'ny felatan'ny lehilahy antonony. Rehefa tonga tao Madina i Moawiyah (R.A) ary izy no mpitondra tamin'izany, ka nihamaro varimbaza tao Shami, dia nitsangana niresaka tamin'ny olona dia niteny hoe : Izaho mahita fa ny modd roa amin'ny varimbazaha avy ao Chami (antsasaky ny saa), mitovy amin'ny saa amin'ny atrendry, ka nandray izany avokoa ny olona rehetra. Hoy I Abou Saad Al-Khodri (R.A) hoe : Raha ny amiko, dia mbola hanohy ny fandoavana izany aho tahaka ny nandoavako azy tamin'ny andron'ny Mpaminany, raha mbola velona aho.